

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

Fitiavana-Tanindrazana-Fandrosoana

ANTENIMIERAMPIRENENA

FEHIN-KEVITRA LAHARANA FAHA-01-2014 /R

**Mikasika ny ady atao amin'ny
tsy fandriampahalemana eto Madagaskara, indrindra ny any Atsimo,**

natolotry ny Vaomiera manokana

FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Noho ny fahatsapan'ny Solombavambahoaka fa ilaina ny ady amin'ny tsy fandriampahalemana eto amin'ny Firenena manontolo, indrindra ny any Atsimo noho ny firongatry ny fandikan-dalàna sy ny fanaovana heloka bevava.

Noho ny fahatsapana fa tsy misy mihitsy fampandrosoana ara-toekarena sy sosialy azo saintsainina ao amin'ny firenena tsy ahitana fahamarinan-toerana eo amin'ny lafiny filaminana, izay fepetra tsy azo ialana hiantohana ny fampiasambola eto anivon'ny firenena sy avy any ivelany.

Eo amin'izay sehatra izay dia ilaina maika ny fandrindrana ny ady amin'ireo endrika isan-karazany isian'ny tsy fandriampahalemana anivon'ny Firenena sy isam-paritra.

Ny Solombavambahoaka, izay mihevitra ho samy tomponandraikitra (solidairement responsable) ka mahatsapa ny tsy fisian'ny fandriampahalemana eto amin'ny tany sy ny fanjakana, dia manolotra ity fehin-kevitra ity aminareo Mpanatanteraka.

Izany no antonanton'ity fehin-kevitra ity.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana-Tanindrazana-Fandrosoana

ANTENIMIERAMPIRENENA

FEHIN-KEVITRA LAHARANA FAHA-01-2014 /R

**Mikasika ny ady atao amin'ny
 tsy fandriampahalemana eto Madagaskara, indrindra ny any Atsimo,
 natolotry ny Vaomiera manokana**

Ny Antenimierampirenena,

- Izay mampiasa fahefana hanara-maso ny asan'ny Governemanta,
- Mahatsapa ny halalin'ny firongatry ny tsy fandriampahalemanana,
- Mandray ho adidy ny fanomezana tontolom-pilaminana maharitraho an'ny mponina,
- Mandray ireo fitarainana sy hetahetan'ny vahoaka iharam-pahavoazana,
- Mitebiteby amin'ny voka-dratsy entin'izany fisehon-javatra izany eo amin'ny toekarem-pirenena,

Rehefa avy niady hevitra tao amin'ny fivoriambe natao ny 19 mey 2014,

Dia manainga ny Governemanta handray ireto fepetra manaraka ireto:

- 1- FOHY EZAKA (roa volana)
 - Fanavaozana sy fampiharana ny lalàna n° 2001-004 mikasika ny fandaminana ny Dina eo amin'ny filaminam-bahoaka
 - Fampiasana hélicoptère hanenjika dahalo
 - Famindran-toerana faobe ireo tomponandraikitrty ny filaminana (zandary, polisy, miaramila, lehiben'ny distrika, vétérinaires (privés, publics), delegem-panjakana, mpitsara, lehiben'ny faritra napetraky ny fitondrana tetezamita)
 - Atao amin'ity taona ity ny fifidianana lehiben'ny tanàna
 - Fanomezana fiara 4x4, motos, BLU, gilets pare-balles ireo mpitandro filaminana : 4x4 ho an'ny lehiben'ny distrika miasa amin'ireo faritra mena (faritany Toliara, Fianarantsoa, Mahajanga, Antananarivo)
 - Fanaparitahana haingana ny mpitandro filaminana any amin'ireo faritra mena

- Fametrahana toby manokana (unitéspéciale) hiady amin'ny dahalo
- Fampitaovana ny CSI (Compagnie de Sécurité Intérieure) ao Sakaraha
- Fanaovana savahao (opération ciblée) :
 - Ireo toerana iafenan'ny dahalo sy omby halatra
 - Ireo olona manamboatra basy, bala ary fanamiana miaramila
 - Ireo olona mitàm-basy tsy ara-dalàna
- Fandraisana ho miaramila raikitra ireo tanora nahavita fanompoampirenenena miaramila sy “réservistes” hanatevin-daharana ireo mpitandro filaminana
- Fampiantoana ny fanondranana omby velona na maty amin'ny sambo na camions
- Fanangonana ireo trano roa na telo, miparitaka eny amin'ny tanety, ho eo amin'ny toerana iray mba hahamora ny fanaraha-maso
- Fanitarana ny tambazotra Airtel, Telma, Orange hipaka any amin'ireo fokontany manerana ny faritra mena
- Fananan'ny vatan-dehilahy kara-pamokarana sy passeports
- Fanafoanana ireo mpitandro filaminana miambina omby trano fonenan'ireo mpanarivo
- Fananganana “commission” ahitana solontenan'ny vahoaka, solombavambahoaka, mpitandro filaminana hanao savahao (opération) na “contrôle systématique des bovidés” fa tsy ny mpitandro filaminana irery ihany. Ireo toerana idiran'ny omby no atao savahao fa tsy ny tanàna very omby.
- Fampitomboana ny teti-bola ampiasain'ny mpitandro filaminana (restaurations, indemnités, motivation)
- Manenjika dahalo no asan'ny miaramila fa tsy manao OPJ na PR
- Foanana ny FIB
- Fanomezana fahefana ny rafitra ifotony : fokonolona, fokontany, kaominina
- Saziana ny mikapoka sy ny mikasi-tanana ireo olona atao famotorana avy amin'ny taratasy anonymes sy renseignements ary mitazona azy mihoatra ny roa andro (48h)
- Foanana ny famonoana omby eny anelakelan-trano
- Fampiasana satellite hanara-maso ny fivezivezen'ny omby
- Famongorana ifotony ny dahalo ambony latabatra (kolikoly)
- Fanaraha-maso ny tsenan'omby. Maimaim-poana ny fisavana (contrôle)
- Fanamafisana ny fanaraha-maso ny « garde-côte » hisorohana ny fanondranana omby sy harem-pirenena (bois de rose...)
- Fampiharana ny « guichet unique » ho an'ny tsenan'omby
- Fanomezana « assurance vie » ny voamieran'ny fandriam-pahalemana
- Fanaovana barrage na fanaraha-maso ny « couloir de la mort »
- Fanisana ny omby eo amin'ny tompony(mba hialana amin'ny kahien'omby sandoka)

- Fanaraha-maso ataon'ny solombavambahoaka ny fampiharana ity Volavolan-kevitra ity

2- IVON'NY EZAKA (efa-bolana)

- Atao lalàna ny dina : isam-paritra ary iraisam-paritra
- Fampitomboana ny isan'ireo mpitandro filaminana
- Fametrahana “postes avancés” amin’ireo faritra mena
- Fametrahana « compagnies militaires » isaky ny Distrika
- Fametrahana Fitsarana manokana (cour spéciale) sy « maison de forces » ho an’ny dahalo
- Fanamboarana lalana tara (goudron) ireo Distrika ao amin’ireo faritra mena
- Fanaovana sesitany ireo dahalo tratra

3- LAVITR’EZAKA (enim-bolana)

- Fametrahana rafitra maharitra sy mahaleotena hiandraikitra ny ady atao amin’ny tsy fandriampahalemana, indrindra ny dahalo
- Fanaovana “barrage économique” isaky ny commune (vanille)
- Fampidirana an-tsekoly ny taranja « éducation civique »
- Tsy maintsy ampidirina an-tsekoly ny zaza feno taona
- Fanavaozana sy fanatsarana ireo lalàna rehetra mikasika ny halatr’omby
- Fanaovana “opération carte d’identité” (atao numérique)
- Fampiroboroboana ny toekarena mba hahafahana mamorona asa
- Fakana ny hevity ny Antenimierampirenena eo amin’ny fanapahan-kevitra ataon’ny mpanatanteraka mahakasika ny Firenena :
 - Fivarotana tany
 - Fitrandrahana harena ambanin’ny tany
 - Rafi-pampianarana (système scolaire)
 -

Antananarivo faha 19 mey 2014

Ny Filohan’ny Antenimierampirenena

RAKOTOMAMONJY Jean Max